

Hetsika sy fampanantenan-dRajoelina **3**  
Lainga sy famafazana hatsanga tsy aman'orana no be

Antoko Zama **3**  
Olana 10 goavana no mianjady amin'ny firenena amin'izao



www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 26 septambra 2023

Laharana 1476

Vidiny : 600 Ar

Filoha Ravalomanana tany Ampary sy Soavinandriana **2**

**Tonga ilay fotoana**  
**manàna finoana sy fanantenana**



Kara-pifidianana any amin'ny fokontany **6**

**Mbola maro ireo**  
**tsy fahatomombanana hita**



**Kaominina Antehiroka **6****

Notorian'ny lefitra voalohany any  
amin'ny Bianco ny ben'ny tanàna

**Tranombaroatra Baolai **7****

Misy entana vaovao mana-  
maivana ny andavanandro

**Firaisankinan'ny kandida 11 **2****

**Fihaonana goavana ao amin'ny**  
**Lapan'ny Fanatanjahantena ny zoma izao**



**Fifidianana. Fiarahamonimpirenena Safidy **2****

**Hametraka mpanara-maso**  
**miisa 1 alina eo manerana ny Nosy**



**Daka kely**



Maka aina tsara any  
an-tanindrazanareo ve ialahy  
ry Boaikely a !

**FILOHA RAVALOMANANA TANY AMPARY SY SOAVINANDRIANA**

## Manàna finoana sy fanantenana fa tonga ilay fotoana

Tany Ampary sy Soavinandriana faritr' Itasy omaly, ny kandida filoha Marc Ravalomanana N°05 amin'ny fifidianana filohampirenena ny 9 novambra ho avy izao. Toy ny fanaony dia nihaona sy nitafa ni-vantana tamin'ireo tant-saha eny ifotony ny filoha nasionalin'ny antoko TIM. "Midina ifotony aho mijery ny zava-misy marina iainan'ny Malagasy andavanandro, indrindra indrindra ianareo tantsaha izay ianteheran'ny fampandrosoana an'i Madagasikara noho ianareo ivon'ny famokarana," hoy izy. Raha tsy mandroso ny tantsaha tsy handroso i Madagasikara, tsy vazaha no hahavita hampandroso ny tantsaha hoy ihany ny kandida laharana faha-5. Noho izany, sahia hanarina, raiso ny andraikitra eo an-tananareo, ny dikany: tokony hahay hisafidy tsara. Manentana ny



*Ny kandida filoha Marc Ravalomanana, tany amin'ny faritr'ltasy omaly.*

rehetra hifidy aho arak' izany hoy ny kandida filoha Marc Ravalomanana. Manàna finoana sy fanantenana fa tonga ilay fotoana. Ankoatra izany, tsy amelanay kandida 11 ny fahamarinana raha tsy azo: hamboarina ny CENI sy ny HCC. Amin'ity herinandro ity dia ho hita eo

ny mahakasika izany, satria hihaona amin'ny avy amin'ny Firenena Mikambana izahay 11 amin'ny alarobia, izany hoe rahampitso. Momba ny firaisankina amin'ny fifidianana io ihany, ny TIM no nanolotra ahy hoy izy, nefa tsy vitan'ny Tiako i Madagasikara irery izany,

izay no tsy maintsy ampijoroana ny KMMR hidiran'ny olona rehetra hafa: ny mpitondra fivavahana, ny mpandraharaha, ny mpitsara, ny mpiasampanjakana, ny olon-drehetra tsy ankanavaka,... izay antoka hitondra ho amin'ny fandresena.

**Isambilo**

Fifidianana

## Nosokafana ny sabotsy teo ny foiben-toeran'ny KMMR Ivato

Nosokafana ny sabotsy teo ny foiben-toeran'ny KMMR, na ny Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana teny Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Teo ambany fanamoran'ny solombavambahoaka Mamy Rabenirina, sy ny solontenan'ny KMMR Nasionaly Vonjy Raharinisa, no nanatontosana ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny foiben-toeran'ny KMMR Ivato io. Natao indrindra izany handraisana ireo vonona hiaradia, hanatevin-daharana,

hifanolo-tanana hano-hana ny filoha Marc Ravalomanana N°05 amin'ny fifidianana filohampirenena ny 9 novambra ho avy izao. Ny fidirana amin'ny KMMR dia tsy anavahana na olon-tsotra, na fikambanana na antoko politika, na antokom-pinoana fa tsimialonjafy izany hoy ireo tompon'andraikitra. Nirosoana tamin'izany koa ny dinika ho amin'ny fananganana ny birao mpandrindra isan-karazany.

**Stefa**



*Ny fanokafana ny biraon'ny KMMR teny Ivato.*

Fifidianana. Fiarahamonimpirenena Safidy

## Hametraka mpanara-maso eo amin'ny 1 alina manerana ny Nosy

Tanora 30 avy amin'ny fikambanana firaisamonimpirenena eny ifotony, mivondrana ao amin'ny SAFIDY, izay miandraikitra ny distrika sy kaominina ao amin'ny faritra Menabe, no nahazo fiofanana nandritra ny 3 andro: natao ny 20 ka ahatramin'ny 22 septambra tao Morondava faritra Menabe, izay nampahafantarana azy ireo ny andraikitra ny mpanara-maso ny fifidianana, sy ireo didy aman-dalàna mikasika ny fifidianana. Miezaka ny avy eo anivon'ny SAFIDY mametraka ireo mpanaramaso eny anivon'ny biraom-pifidianana, mba hisorohana ny fandikan-dalàna eo amin'ny fifidianana,

isan'ny tanjon'ny Safidy ny hametraka mpanara-maso eo amin'ny 1 alina manerana ny Nosy. Aorian'izao fampiofanana izao dia hampiofana ireo mpanaramaso eny ifotony indray ireto tomponandraikitra eo anivon'ny distrika sy kaominina ireto, izay nahitana solontena avy amin'ireo distrika 5 mandrafitra ny faritra Menabe araky ny nambaran'i Harnel Rakotobe mpampiofana. Nambarana ireo mpiofana araky ny nambaran'i Yolande Rakotomalala tompon'andraikitra ny fanarahamaso Safidy ao Miandrivazo, fa manana adidy sy andraikitra ny tanora amin'izao fifidianana izao ary saropady ny fifidianana ka mila ny fandraisan'andraikitra ny rehetra, izay no nahatonga azy nanolotena hiara-hiasa amin'ny Safidy hanaramaso ny fifidianana. Tokony hijoro ny rehetra ary hifanome tanana, mba hisian'ny fifidianana marina sy mangarahara ary eken'ny rehetra hoy Vingo Hefageor Vohanson, mpandrindram-paritry ny Safidy ato Menabe, ka manentana ny rehetra izy mba hiarahisalahy amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana, ka ho sahy hitoroka raha mahita fandikan-dalàna mandritra ny fifidianana, manomboka izao sy mandritra ny fampielezan-kevitra ary ny andron'ny fifidianana sy aorian'ny fifidianana, satria dia saropady ny safidin'ny vahoaka ary manana anjara amin'ny fametrahana ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra hialana amin'ny krizy ateraky ny fifidianana.

**Rajepa**



*Fiofanana momba ny fanaraha-maso ny fifidianana tany Morondava.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Firaisankinan'ny kandida 11 Fihaonana goavana ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena ny zoma izao

Hanao fihaonana goavana ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina ny zoma izao, ny Firaisankinan'ireo kandida miisa 11, nanambara ny mpitondra tenin'izy ireo omaly, ny kandida Hajo Andrianainarivelo fa : " hamory ireo mpiara-dia aminay ao amin'ny "Palais des Sports" Mahamasina izahay Kandida ny Zoma ho avy izao. Androany dia napetraka tety amin'ny Prefektioran'Antananarivo ny taratasy fangatahana alalana hanatanteraka izany.

Mametraka fanantenana amin'ny maro izao fivondronan'izy ireo izao.

Hita ankehitriny fa ny fivondronan'ny kandida sy ny solombavambahoaka ary ireo manam-pahefana samihafa, administratera sivily,... no hery sy tanjaka ho an'ny firenena izay ahitana mponina marobe voafahan-dalitra. Tafiditra ao anaty hantsanailalina tokoa ny vahoaka nefa mila entanina koa mba hanatanteraka ny anjarany amin'ny fotoam-pifidianana, ka hifidy izay mety sy mahaso ary azo antoka.

Ny mibahana ny sain'ny maro dia ny hoe: ny eo ihany no eo, tsy azo inoana ny voka-pifidianana satria ny olon-dRajoelina avokoa ny ankamaroan'ireo eo amin'ny Ceni, Hcc sy ny sisa, miampy ny fitondrana vonjy maika izay efa napetraka tamin'ny tsy rariny teo. Ny tokin'aina farany dia ny hoe: raha nilaza ny Ceni fa hampiofana mpanaramaso akaiky ny fifidianana avy amin'ny olon-drehetra tsy miankina amin'ny kandida na ny antoko misy azy ireny, dia mbola manamafy ny rehetra fa omeo ny Ffkm sy ny fiangonana zandriny ny raharaha toy ireny, mba hahafahan'izy ireo mandray ny andraikiny sy ny fahamarinana manodidina izany manerana ny biraom-pifidianana sy ny eny amin'ny Ceni foibe rehefa manisa vato.

Ny toky farany hitan'ny vahoaka, dia ny fahitana ireo kandida 11 na ireo solontenany, miara-dalana manatona ny filohan'ny Antenimierandoholona, ny Ffkm, ny filohan'ny Hcc, ny fiarahamonim-pirenena,... maneho firaisankina manohitra ny tsy rariny amin'ny lalàna mipetraka sy hampiharina, antoka hirosoana amin'izany fifidianana izany sy fanehoana amin-dRajoelina nina ho vazaha Frantsay, fa tsy matahotra azy ireo kandida 11 hafa, ary mba tsy ho heno ny hoe tsy maintsy ny anay hatrany no tafaverina eo, nefa misy ny fivondronan'ireo kandida hafa ary misy ihany koa ny angaredon'ny solombavambahoaka, dia efa mamporisika ny vahoaka hanao ny adidiny ihany koa amin'ny 9 novambra, ka maha-tonga azy ireo hilaza fa aleo hifidy. Tokony homena fahalalahana ny kandida tsirairay hampiasa ny haino amanjerim-panjakana, ary indrindra ny fampiasana angidimby malalaka rehefa hanao fampielezan-kevitra.

**Beharo**

**TONOKALO**

## Tsy irina ny hiverenany

Mandalo vaninandro sarotra ny fiainam-pirenena . Indro anefa Rainilainga lasa nampiadana-tena, Ka namonjy ilay voalaza fa hoe firenena tiany Sy efa hoe nanakalozany ny zon'ny tany niaviany.

Asa raha mipaika ny ora izay hisian'ny fifidianana, Raha ho sahy hiverina izy ka hanao V amin'ny tanana, F'efa be no tonga saina ireo vahoaka malagasy, Ary vonona hanilika ity vazaha taratasy !

Toa tsy amakiany loha ny gasy sy ny fahantrany, Fa aleony miala sasatra any ampita lavitra any . Miandriandry toromarika amin'iretsy be giradiny, Sy avy amin'ireo mpitsara izay voavidiny ambongadiny !

...Tena asa raha hiverina na hoe kaontin'ny nandositra, Ity ilay raikalahy mpanimba sady kilasiana ho fositra, Fa hatreto aloha ny maro dia maniry sy mivavaka, Mba tsy hiverina eto intsony ity mpamarina any an-davaka!

**DADAN'i RIANA (23-09-23)**

## Ny Valosoa sy hadihady

## Hetsika sy fampanantenan-dRajoelina

## Lainga sy famafazana hatsanga tsy aman'orana no betsaka

Mihevitra izao fitondran'ny zanaka amapanan'ny Andry Nirina Rajoelina izao, fa mbola any amin'izy ireo tsy misy nandrombinana ny hery sy ny tanjaka ary fahefana. Arangarangany daholo izao fitaovana sy fandrahonana rehetra handemena ny sain'ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy izao. Ao amin'ny Onjampeom-pirenena sy ireo onjampeo manohana ny fitondrana no maneho izany mba ho henon'ny rehetra. Mandrangaranga ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Lalatiana Rakotondrazafy, fa mandainga ny mpanohitra na ny niara-dia taminy teo aloha na ireo mpanohitra hatramin'izay. Raha hitodihana ny hetsika sy ny fampanantenana nataon'i Andry Nirina Rajoelina dia tsy nisy afa tsy lainga sy famafazana hatsanga tsy aman'orana. Fahoriana, fahantrana, tsy fandriampahalemana, fahadisoam-panantenana sy fahatapan-jiro tsy misy farany ary fiandrasana rano amin'ny alina manontolo, no iainan'ny Vahoaka Malagasy. Manampy ireo loza mianjady amin'ny vahoaka ireo ny fanitsakitsahana ny lalàna: ny Lalampianorenana, ny fitsipika mifehy ny fifidianana, sns... Tsy vitan'izany fa mamoaka izao karazana fitsipika, naoty sy « réquisitions » ary taratasy fandrahonana rehetra izao ireo rafitra rehetra afa tsy manao izany. Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianorenana (HCC) dia hitam-poko, hitam-pirenena fa mitongilana any amin'ny fitondrana, ka mamoaka hevitra (avis) na didy tsy azo ivalozana. Ny prefet an'ny polisy dia manakana ny hetsika ataon'ny mpanohitra rehetra, na aiza toerana na amin'ny fotoana inona, kanefa ny loko lōranjy sy ny forongony dia mialabona sy manao izay tiany atao. Mbola sahy milaza fa ny mpanohitra indray, no mamboly krizy sy korontana eto amin'ny Firenena rehefa mitsikera na mamerina amin'ny lalan'ny fahamarinana sy manitsy ny dian'ny fitondrana izay misarika ny Firenena ho any an-kady, mba hitavanany ny harena na an-kibon'ny tany, na aza bitan'ny tany na an-dranomasina tahaka izany nataony hatramin'izay. Efa namoaka « réquisition spéciale » ho amin'ny fotoana tsy voafetra ny prefet an'ny polisy ary hanambara ny « toe-draharaha manokana » (situation d'exception) indray hono, ny mpitondra raha misy korontana. Hiara-mahalala anefa, fa ireto lokom-boasary ireto ihany no mamboly korontana sy mandranitra ny vahoaka amin'ny fanaovana hetsika

manitsakitsaka ny Fiandrianam-pirenena sy ny Soa-toavina Malagasy, ka manosika sy manohana ny vazaha frantsay ho filoham-pirenena Malagasy. Tsy misy manaiky an'izany raha mbola Malagasy tia ity Tanindrazana iombonana ity, ankoatr'ireo mahatsiaro ho very remby raha tsy mpanjanaka hiarakomana aminy ihany no hiverina eo. Ireo noheverina fa « tandroka hiaro ny vozon'ny Malagasy » koa dia manaiky ny baiko omena azy an-jambany ary manalokaloka sy mandindondindona etsy sy eroa, ka tsy miteraka alahelo na fitserana na dia mitanin'andro maraina mandra-paharivan'ny andro aza. Midika ho tsy firaharariana ny vahoaka any amin'ny Faritra izay miaina ao anatin'ny fanafihan'ny dahalo mirongo fitaovam-piadiana, kanefa tsy misy mpiaro toy ny kianja sy toeram-pivoriana rehetra an-tanàn-dehibe. Ny toe-javatra sahala amin'izany dia misarika ny saina tsy hino fa nisy tokoa ireny jiolahy sy dahalo lavon'ny balan'ny mpitandro ny filaminana ireny. Mi-traotra ihany koa ny eny amin'ny Anjerimanontolo, tsy ny eto an-drenivohitra ihany, fa hatrany amin'ny Faritany noho ny tsy firahararian'ny Minisitery an'ny Fampianarana Ambony sy ny mpitondra amin'ny ankapobeny ny olana mianjady, tsy amin'ny mpampianatra ihany fa eo amin'ny mpianatra koa. Efa mampiaka-peo koa ny administratera sivily, satria tsy manaiky hatao fitaovana hiarovana ny eo amin'ny fitondrana intsony. Mijoro sy manainga ny mpiasampanjakana any amin'ny departemanta ministerialy rehetra any tsy hanaiky hatao fitaovana politika, fa hianona ho tsy miandany (neutre). Malaza tokoa amin'izao mialoha ny fampielezan-kevitra izao, fa teren'ny lehiben'ny fariadiadian'ny fampianarana (Cisco) any amin'ny distrika ivelan'ny tanàn-dehibe any, hanao akanjo lokon-dōranjy sy hanambara fa manohana an'i Andry Nirina Rajoelina. Efa maro amin'ny Malagasy no tezitra sy mitady hitraotra satria miaina ao anatin'ny fahantrana lalina sy tsy fanjariana eo amin'ny lafiny rehetra izao, kanefa mino kosa fa tsy maintsy ho tonga ny fetra ka tsy hanjaka eto amin'ity Nosy ity intsony ny asan-devoly rehetra. Tsy ho maika tsy faingana toy ny akoho tsy nahandry ny andro zoma anefa, fa ho tarihin'ny fahendrena sy ny fahaizana mandanjalanja.

Andry Tsiavalona

## ZAZA RAMANDIMBIARISON

## Tsy hisy fandriampahalemana raha tsy miverina ny fanajana ny hasin'ny tsirairay

Nitondra fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny indray, ny mpanao politika sady efa Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison. Nambarany fa : "tsy hisy mihitsy ny fandriampahalemana eto Madagasikara raha mbola tsy misy ny rariny sy ny fitovian-jo ary ny fanajana ny hasin'ny Malagasy tsirairay. Mendrika ny hanana sy hahita fiadanana ny Malagasy tsirairay. Noho izany dia tokony hatomboka amin'ny teny hifampierana ny zavatra ho tontosaina ho an'ny hoavin'ny Malagasy, izay tsy maintsy mifara amin'ny fanaovana ny fifidianana madio, lavitry ny hosoka sy halam-bato. Raha hanatanteraka fifidianana dia tokony hiainga amin'ny fijerena sy ny fanitsiana ireo lalin-javatra tsy mety



Ny mpanao politika, Zaza Ramandimbiarison.

rehetra, mametra ny fanatanterahana fifidianana madio, mangarahara sy tsy miangatra ary eken'ny rehetra; anisan'ireo zavatra tsy mety ohatra ny fanendrena ireo olona akaiky ny fahefana misy amin'izao fotoana izao eo anivon'ny gouverneman-

ta, ny CENI sy ny HCC, ny tsy fisian'ny fanatsarana ny lalàna momba ny fifidianana izay mandringa, ny tsy fisian'ny rafi-pitantanana ny haino aman-jery mahaleo tena, ny tsy fisian'ny fetra ary ny fanaraha-maso mahomby ny famatsiam-bola

ny fampielezan-kevitra ara-politika. Ny fanaovana fifidianana malalaka sy tsy miangatra, miaraka amin'ny fahamendrehana ara-politika ihany, no hitondra ny fandriampahalemana ho an'ny Malagasy tsirairay.

Nangonin'Isambilo

Antoko Zama

## Olana 10 goavana no mianjady amin'ny firenena amin'izao fotoana

Nitondra ny fanehoan-keviny manoloana ny zava-misy ankehitriny ny antoko Zanak'i Madagasikara (ZAMA), izay marihina fa ity antoko ity, no nanolotra an-dRamatoa Fanirisoa Ernaivo fo fidiana filohampirenena niaraka tamin'ny antoko PATRAM tamin'ny taona 2018. Nilaza Andriamatoa Rija Rakotozanakajy filoha nasionalin'ny Antoko filoha nasionalin'ny antoko Zanak'i Madagasikara (ZAMA), fa olana 10 goavana no mianjady amin'ny Firenena amin'izao fotoana:



Rija Rakotozanakajy, filoha nasionalin'ny antoko (ZAMA).

1- Misy mamotika ny fambolena eto Madagasikara : ao ny manaparitaka zezika feno atodim-biby handripaka ny fambolena, ao ny manaparitaka masomboly, momba izay manery ny mpamboly hividny masomboly isaky ny hamboly, ao ny maniraka "expert" mampianatra diso any ambanivohitra any. Izany rehetra izany dia mampihena ny vokatra ny tantsaha Malagasy ary miteraka fahantrana.

2- Misy andian'olona miezaka manao monopole ny fanondranana ny vokatra ny tantsaha mahazatra, ny harena ankibon'ny tany ary ny kojakoja fanondranana Malagasy. Lasa mahantra ireo mpandraharaha Malagasy tsy mahitahita, satria tsy afaka manondrana intsony.

3- Misy mampiditra entana tsy ara-pahasalamana toy ny sakafo mankarary, fanafody lany daty na hosoka, lamba mamparary hoditra, kojakoja hosoka amin'ny fanamboarana sy fanaingoana trano sy fikolokoloana fiara, sns...

4- Efa lasa kolontsaina ilay mandainga ary maro ny kabary ataon'ny olom-panjakana no feno lainga. Eny hatramin'ny didimpanjakana aza dia feno lainga.

5- Tsy mangarahara ny fitantanana ny vola hetram-bahoaka sy troso haloan'ny taranaka Malagasy. Mitombo isanandro izany kanefa dia tsy fantatra hoe nankaiza, nanaovana inona. Ny lois des finances na lalàna ny tetibolam-panjakana andaniana fotoana sy vola kanefa tsy misy manaraka, fa dia miova isan-kerinandro ny laharam-pahamehana.

6- Mahasahy manongan-tena (coup d'Etat institutionnel) ny fitondram-panjakana. Izany hoe efa vonona ny tsy hanara-dalàna, mahay fetsifetsy amin'ny fanodinkodinana ny mainty ho fotsy ary mbola voahodidin'ireo andian'olona tsy olom-boafidy akory no sady olona tsy mikatsaka ny tombontsoam-pirenena. Tsy hoe manavaka fa maro amin'ireo no efa safiotra na metisy sady efa nivarotra ny tenany hizaka sy hanompo zòm-pirenena hafa.

7- Ny monba ny fampianarana indray dia hevitra taingina mifanesy no hita. Aderadera fa manome contrat de travail amin'ny fandraisana mpampianatra kanefa tsy misy akory mieritreritra ny fanatsarana ny fampianarana sy ny farimpian'ny mpampianatra. 5 taona tsy nitombo ny karaman'ny mpampianatra. Mbola ny fandanianana taom-pianarana 2021-2022 no enjehina amin'izao efa ho 2024 izao kanefa fa an'ny Firenena hafa efa mieritreritra ny 2025-26, noho izany dia miha-potika ny fampianarana. Tsinontsinovana ny zanaky ny Malagasy ary olona mpitady vola sy mpitady toerana sisa no mikirakira ny sehatry ny fampianarana, fa tsy olona hampandroso ny Firenena.

8- Tsy misy intsony ny fahalalahana miteny sy manoratra. Na dia ny hamoaka vaovao miainga eny amin'ny lapampanjakana aza dia asiana fanavakavahana sy tsindry ary rahona ho an'ny mpanao gazety sy ho an'ny olompirenena. Mirona mankany amin'ny jadona ny fitantanana ny firenena.

9- Mivatravatra sy manararaotra toy ny banga mihomehy alina daholo ireo Governora any amin'ny faritra, izay ampahatsiahivina fa notendrena tsy nanaraka lalàna, fa nankatoavin'ny HCC, fa tsy misy mieritreritra intsony ny hitady fomba hampandrosoana ny Faritra manakarama azy, mba hiveloman'ny vady aman-janany. 30 andro no 1 fanjava sisa. Izany hoe efa mivonona ny hanohy ny tsy fanaraham-dalàna hampandaniany ny olona tompoiny izy ireo fa tsy manompo firenena intsony.

10- Lasa fahazarana ny famaliana boraingina ataon'ny HCC. Didy mitanila hatrany no avoakany ary mamorona lalàna na miala bala fotsiny rehefa hitanila izy. Sarotra atokisana izy ireo.

Noho ireo antony ireo ny antoko ZAMA dia milaza fa tsy vahaolana sady tsy hamaha olana ny fifidianana. Raha misy Malagasy ka Malagasy tonga saina sy tia tanindrazana dia tsy maintsy fomba hafa no atao hamerenana ny mangarahara sy ny fanjakana tan-dalàna eto Madagasika, satria efa jadona no misy eto, ka jadona koa no hanalana azy saingy indriny fa ny Malagasy dia efa voazanaka hatrany amin'ny tsinay maintiny ka ampitahorina resaka rà-mandriaka vao mihetsika. Tsy misy mihaino intsony ny fanambarana fa telo andro dia manjavona ireny ka mila tonga saina ny Malagasy sy ny manampahaizana Malagasy. Nisafidy tsy handray anjara amin'ny fifidianana filohampirenena ny antoko ZAMA, satria tsy ara-dalàna ny fikirakirana ny fifidianana ary tsy manaiky izao fandikan-dalàna misy izany ny antoko ZAMA. Notsindrian'Andriamatoa Rija Rakotozanakajy koa, fa ny tafika no antsoina hoe manda farany amin'ny Firenena iray toa an'i Madagasikara. Aoka ny vahoaka tsy handray ho mpifandray amin'ny tafika, satria andraikit'ireo ny mitandro ny filaminana sy manaraka ny baiko midirina. Misy fetran'ny an'ny fanarahany baiko satria ireo irery ihany no tompon'ny fanalahidy hafahan'i Madagasikara sy ny Malagasy mivoatra sahaza. Mbola tsy feno ny fepetra na koa mbola tsy mipoitra ny olona atokisana hitondra fivoarana ho an'ny Malagasy matoa ry zareo mbola manaiky ny baiko midina hoy izy.

Rajepa

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Tontosa ny assemblée générale na fivoriamben'ny Jeunes Tim sy femme Tim Antsiranana faritra Diana. Tonga maro ny olona. Nahatratra 350 teo no niatrika izany fivoriambe izany.



Tontosa soa aman-tsara ny fanolorana sy ny fanokafana ny QG ny KMMR Atsimondrano tao amin'ny Cassava Hotel Anosizato Andrefana.



Tafatsangana ny alahady teo, tao amin'ny Espace Palanet M Alasora, ny KMMR ao amin'ny kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano. Alasora no kaominina voalohany ao Avaradrano nahatsangana ny KMMR.



Manohana mavitrika ny kandida filoha Marc Ravalomanana, ny Tanora TIM Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, nivory ny faran'ny herinandro teo.



## NY TENY FIAINANA

"Raha tsy misy mpitondra, dia rava ny firenena; fa handry fahizay, raha maro ny mpanolo-tsaina."  
Ohabolana 11:14

### GLOBAL CARING MONTH 2023 à MADAGASCAR

## Notontosaina teny Andohatapenaka tamin'ny sabotsy

Notontosaina teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 teo ary natrehan'ny filohan'ny Tibu Africa, Mohamed Amine Zariat nivantana teny an-toerana mihitsy niaraka tamin'ny solontenan'ny orinasa Ford Fund mpanohana ofisialy ny Tibu Africa, ny PDG an'ny Materauto, Frederique Schaffner, izy masoivohon'ny orinasa Ford eto amintsika, mpanohana ofisialin'ny hetsika teto Madagasikara sy ny solontenan'ny Mjs sy solontenan'ny Ambasadin'ny Frantsa eto amintsika ary ny solontenan'ny Malagasy Rugby sy ny filoha mpanorina ny "Terre en Mèlées". Ny hetsika « Global Caring Month 2023 à Madagascar », atrikasa natao hanabeazana an'ireo ankizy ifontony amin'ny alalan'ny spaoro, ka ho antsika Malagasy dia nofidian'ny Tibu Africa mpikarakara ny taranja rugby, amin'izy anisan'ny be mpankafy



Teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka.

eto Madagasikara sady ao anatin'ny fanatanterahana ny fiadiana ny amboara eran-tany amin'ity taranja ity koa ankehitriny ny any Frantsa any. I Madagasikara no firenena faha-34 nisitraka an'ity tetikasa ity taorian'ny Maroka sy Tonizia ary

Senegal. Kilonga Malagasy nanodidina ny 100 isa avy amin'ireo klioba sy foibe fampianarana rugby 20 no nisitraka an'ity hetsika ity, ka mpanabe "en-cadreurs" niisa 20 (avy any Toliara ny ankamaroany) nampian'ireo tsara sitrapo avy amin'ny ori-

nasa Materauto no nitarika azy ireo. Santatra am-bavarano ity natao teto Antananarivo ity, hoy i Amine Zariat, fa ny manetsabe any amin'ny Faritra hanaraka eo ihany, amin'ny fotoana mahamety azy.

Rainilita

### Championnat National de Football D-2, 2023

## Nifarana tamin'ny alahady ny dingana faharoa

Nifarana tamin'ny alahady 24 septambra 2023 teo, ny dingana faharoa amin'ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des champions Malagasy – D2 Nationale 2023 », izay nahafantarana an'ireo ekipa hiatrika ny dingana ny « Play off » amin'ity fifaninanana ity. Voka-dalao andro faha-5, alahady 24 septambra 2023. Tany Mahajanga : KFCA Diana 2 - 0 ESPOIR Betsiboka, 3FB Alaotra Mangoro 6 - 1 AS 3A Amoroni Mania, FC ZOYA Boeny 4 - 1 TGBC Atsinanana. Tany Antsirabe : FC JSA Level Ihorombe 2 - 9 FC JM Androy, AS JFC Atsimo Andrefana 2 - 1 Jet Bongolava, FC INATE Vakinankaratra 7 - 3 GFJT Atsimo Andrefana.

Rainilita



Fifaninanana nasionaly D-2, 2023.

### Alaotra Mangoro tetikasa « Pass It Back Rugby »

## Notolorana mari-pankasitrahana sy fitaovana ireo mpanazatra



Fanolorana mari-pankasitrahana sy fitaovana tany Tanambe.

Raha notontosaina nanomboka tamin'ny 06 Septambra, ka hatramin'ny 09 Septambra 2023 lasa teo, ny fanofanana an'ireo 14 mianadahy ho mpanazatra "Pass it back rugby", dia notanterahina tamin'ny sabotsy 23 Septambra 2023 kosa ny lanonana fanolorana ny taratasy fanamarihana maha-mpanazatra azy ireo ary koa nanolorana fampitaovana azy ireo, hahafahany hanomboka ny asa maha-mpanazatra "Pass it back rugby" azy ireo. Marihana fa ny "Pass It Back" dia fandaharam-pianarana iray novolavolain'ny ChildFund hampianatra ny ankizy sy ny tanora ny fahaiza-miaina avy amin'ny alalan'ny fanatanjahantena, dia ny taranja rugby izany, ka tany Tanambe Alaotra Mangoro no nanombohana azy, niaraka tamin'ny fanohanana ny Malagasy Rugby.

Rainilita

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy haricot vert ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana petsay mioraka miny. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafana natoralin'ny mieroetra rehefa matory

Fanafana natoralin'ny mieroetra rehefa matory indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha toa ke mieroetra rehefa matory dia misotroa jus-na paoma sy karaoty ary sakamalao. Toy izao no fanaovana azy. Tetehina madinika daholo ny sakamalao 2cm sy paoma1 ary karaoty1 dia avy eo mixer-na izany ( tsy tapohana rano ). Rehefa vita izay dia tatavanina ka iny ranony iny no sotroina ampiana ranom-boasari-makirana. Sotroina 1h alohan'ny hatory izy ity, atao isan'andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan' Ambohimilanja distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan' Ambohimilanja distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohimilanja ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny voanjo, ny tsaramaso. Ny voankazo toy ny akondro, ny soanambo, ny letchi, ny manga. Mitoka-monina ihany koa ity tanàna ity noho ny faharatsian'ny lalana any an-toerana.



**KAOMININA ANTEHIROKA**

# Notorian'ny lefitra voalohany any amin'ny Bianco ny ben'ny tanàna

Nisaraka ny lalana eo amin'ny ben'ny tanàna sy ny lefitra voalohany, ao amin'ny kaominina Antehiroka distrikan'Ambohidratrimo. Nesorin'ny ben'ny tanàna tamin'ny toerany Ramatoa lefitra voalohany, nilaza ity farany fa tsy ara-drariny ny fanesorana azy ary nitony ny ben'ny tanàna any amin'ny Bianco izy, noho ireo fandikan-dalàna misy ao amin'ny kaominina. Ny faran'ny herinandro teo, nitafa tamin'ny mpanao gazety Ramatoa lefitra voalohany amin'ny kaominina teo aloha, Randrianarivelo Toky Harilanto, nitaraina fa voaroaka tamin'ny tsy rariny. Noroahin'ny ben'ny tanàna tsy ho lefitra voalohany tao amin'ny kaominina intsony ity farany, nanomboka ny 12 septambra 2023 lasa teo. Antontan'ny fandroahana, ny tsy fanekena hanao sonia taratasy izay nambarandRamatoa Toky Harilanto, fa hosoka. Ankoatra izay, dia nilaza ho vavolombelona nanatri-maso ireo fandikan-dalàna maromaro nitranga tao amin'ny



**Ramatoa lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antehiroka teo aloha (afovoany), nitafa tamin'ny mpanao gazety.**

kaominina ihany koa ity farany. Ary nanitrikitra fa tsy nanaiky ny hiray tsikombakomba tamin'izany, ka izao niafara tamin'ny fandroahana izao. Nilaza fa manana porofo mikasika an'ireo fandikan-dalàna nitranga tao amin'ny kaominina ireo izy ary efa nametraka fitarainana teny anivon'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly (BIANCO) mikasika izany, ny alatsinainy 18 septambra lasa teo. Ankehitriny, « matahotra

ny aiko, ny ain'ny ankohonako ary ny ain'ny fianakaviako aho amin'izao fijoroako izao kanefa vonona hijoro hatramin'ny farany», hoy izy, teo anatrehan'ny mpanao gazety. Manaiky ity farany fa tena fahefan'ny ben'ny tanàna ny mandroaka azy saingy mahatsapa ity farany, fa tamin'ny tsy rariny no nandroahana azy. Raha vaoroaka izy ny 12 septambra, ny androtr'iny ihany, dia efa tonga ny mpisoloto toerana, na dia

efa nanao « opposition » aza, araka ny nambarany. Ankotra ny maha-lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna azy dia nomarihiny fa izy no anisan'ny mpamolavola ny tetikasan'ny kaominina tao an-toerana hatramin'izay. Mbola nitaky ny tambin-karamany tsy voaray nandritra ny 19 volana tao amin'ny kaominina koa ny tenany. Niezaka niantso ny ben'ny tanàna hitondra fanazavana mikasika ity raharaha ity ny mpanao gazety maromaro tonga teny an-toerana. Nandray ny antso ity farany ary niantso ny mpanao gazety ho tonga teny amin'ny biraon'ny kaominina Antehiroka. Rehefa tonga teny anefa ny mpanao gazety maromaro, dia nambarana ireo tomponandraikitra, fa tsy ao ny ben'ny tanàna ary tsy afaka mandray mpanao gazety ilay lefitry ny ben'ny tanàna mpisoloto toerana vaovao tao amin'ny kaominina. Andrasana arak'izany ny ho tohin'ity raharaha ity.

**Niaina**

Kara-pifidianana any amin'ny fokontany

## Mbola maro ireo tsy fahatomombanana hita

Mbola maro amin'izao fotoana ireo tsy fahatomombanana hita amin'ireo kara-pifidianana tonga any amin'ny fokontany, araka ny fanadihadiana nataon'ny mpanao gazety.

Efa tonga any amin'ny fokontany nanomboka tamin'ny herinandro lasa teo iny ny karatry ny mpifidy. Nisy ny efa naharay ny karany ny mpifidin'ny fokontany rehetra manerana ny Nosy. Entanina ireo mbola tsy nahazo, ho tonga haka ny kara-pifidianana izay.

Maromaro anefa ny tranga miseho any amin'ny fokontany araka vaovao azo sy fitarainana voaray. Ao ireo efa nodimandry maherin'ny 05 taona lasa,



**Kara-pifidianana avy amin'ny CENI.**

izany hoe efa tsy mpifidy hatramin'ny fifidianana tamin'ny 2018 kanefa mbola anisan'ireo namoahan'ny CENI karatra. Ao ihany koa ireo efa mpifidy ihany, fa tsy tafiditra tao anaty lisitra vonji-

maika, ka nanao fanamarihana teny amin'ny fokontany dia tafiditra nialohan'ny lisitra ofisialy, kanefa tsy nahazo karatra izao. Ankoatra ireo dia misy koa ny tranga fahadi-

soana anarana. Mpifidy maromaro no diso anarana ao amin'ny kara-pifidianana. Sahirana izy ireo, satria ny any anivon'ny fokontany tsy manana vahaolana ny amin'izany, fa ny mizara ny karatra ihany no voalaza fa ataony.

Misy ihany koa ireo karatry ny mpifidy tsy tonga any amin'ny tompony kanefa efa tsy any amin'ny CENI. Voalaza fa very noho ny tsy fandriampahalemana misy any amin'ny fokontany. Koa manaitra ny sain'ny tompon'andraikitra ireo manana olana ireo, hijery ny vahaolana momba izao resaka kara-pifidianana izao.

**Isambilo**

FIBA Africa Regional Youth camp women

## Lasa any Kigali ireo solontena Malagasy



**Solontena Malagasy nanainga teny Ivato.**

Nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidina teny Ivato tamin'ny faran'ny herinandro teo, ireo solontena Malagasy handeha hiatrika ny hetsika "FIBA Africa Regional Youth camp women", hotontosaina any Kigali Rwanda hanomboka anio talata 26, ka hatramin'ny alakamisy 28 septambra 2023 ho avy izao, izay marihana fa hetsika fampandrosoana ny taranja basikety baolina amin'ny ankapobeny ary natokana ho an'ireo andriambavilanitra. Niisa telo izy ireo dia ny Coach Jaofera Minoharisoa Christiane (Club BCF Atsimo Atsinanana), sy ireo mpilalao Rakotomanana Theodora Voahangy Estelle (Club ASCUT Atsinanana) ary Rasolofonjanahary Mbola Sahaza (Club ASA Analamanga).

**Rainilita**

Foire Internationale de l'agriculture andiany faha-5

## Fahombiazana ho an'ny mpamokatra ny nandraisany anjara

Maro ireo mpandray anjara nahalafa ny entana namidy ; betsaka ireo mpitsidika nahita izay zavatra nahaso ; tsy tambo isaina ny olona nanapa-kevitra ny hiroso amin'ny fandraharahana amin'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono ; betsaka ireo mpisehatra amin'ny famokarana nahita lalam-barotra vaovao. Io no azo namintinana ny 4 andro nanatanterahana ny tsenabe iraisam-pirenena ho an'ny famokarana (FIA) andiany faha 5, izay natao tetsy amin'ny tokontany malalaka « Hazovato Forello Expo » etsy Tanjombato. Nilaza Ramatoa Ramanantsoa Harilala, tompon'andraikitra ny serasera eo anivon'ny « Hazovato Forello », fa nampiavaka ny hetsika ara-barotra « Fia 2023 » ny fametrahana ny guichet agricole unique » ahitana an'ireo tolotra ilain'ny mpamokatra amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono, ahitana toro-lalana sy toro-hay momba ny seha-pihariana sy ny lalam-barotra mifanandrify amin'izany, ahitana ny zavatra tokony hataon'ny olona mba hahazoana ny « Agrément », ahitana an'ireo singa vitsivitsy mamaly ny filan'ny tantsaha, ao anatin'izany ny tohana ho an'ny famokarana, tolo-kevitra ho an'ny fananan-tany, tolo-kevitra ho an'ny fanodinana ny vokatry, tohana ho an'ny famatsiam-bola, tohana ho an'ny fitaovam-pamokara, tolo-kevitra momba ny fanampiana ataon'ireo tranobeny tantsaha eny amin'ny faritra. Nanamafy ny mpikarakara, fa nahaliana ny mpitsidika ihany koa ny fampirantina ny biby fiompy avy amin'ny tantsaha mpamokatra avy amin'ny faritra 23 ary mbola hanolotra tolotra tsaratsara kokoa ny « Fia » amin'ny taona 2024 ho avy izao. Tombony amin'ny fitsidihana ny hetsika tahaka itony ny fahalalana ny kalitaon'ny vokatry maro eto Madagasikara, ny fisian'ny fiaraha- miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny mpamokatra ary mpanjifa, ny fanovozana fahalalana amin'ny alalan'ny loa-bary andasy ataon'ireo manam-pahaizana amin'ny sehatry ny famokarana mifanindran-dalana amin'ny fivoaran'ny teknolojia, ny fahafantarana an'ireo fampirantina tolotra miaro ny tontolo iainana « Espace eco responsable ».

**Franck Razakambelo**



**Ny hetsika teny Tanjombato ny herinandro lasa teo.**

## Camp Basket-ball FIBA Afrique Bamako 2023 Nifarana tamin'ny sabotsy teo

Nifarana tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 teo, tany Bamako Mali ny hetsika « Camp de Basket-ball FIBA Afrique » andiany faha-3, ka nisian'ny fifanandrian'ireo All-Star Game, tamin'ireo mpilalao mendrika indrindra niatrika an'ity « Camp » ity, ka anisan'ireo Coachs niisa 15 avy amin'ny Federasion nasionaly aty Afrika niatrika an'izany ilay teratany Malagasy Andrianantenaina Félix ary ilay mpilalao Rasetriarivony A'Ranty Harinosy kosa dia tao amin'ny ekipan'ny "Team Grey" no nisy azy. Marihana fa nahatratra 45 ireo tanora zatovolaha, avy amin'ny firenena Afrikana niisa 30, nandray anjara tamin'ity hetsika ity.

**Rainilita**



**Tany Bamako Mali.**

**A** Fokonolona **B.** Aro - Avo - JBD. Hira  
- Ma **E.** Elo (miv) - Saka **F.** Vinantonay  
**G.** Antitra **H.** Tsaraina (miv) **I.** Nanjo  
(miv) - Ova (miv) **J.** Koa - Lainga (miv)  
**K.** Ro (miv) - Sinou

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

Ny kandidà filoha Marc Ravalomanana N°5 sy Hery Rajaonarimampianina, nanatrika ny fivorianbe ny Synodam-paritany Tsiroanomandidy SP 34, Ankadinondry Sakay faritra Bongolava.



Ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana N°05, tany Ampary sy Soavinandriana distrikan'i Soavinandriana faritr'Itasy omaly.

